

**PERIKOPA ALAHADY 25 Oktobra 2026**  
**(Péricope du Dimanche 25 Octobre 2026)**  
**Reformasiona - Réformation**

**Salamo / Psaume 18**  
**Eksodasy – Exode 22 : 20 - 26**  
**1 Tesaloniana / 1 Thessaloniens 1 : 5c - 10**  
**Matio / Matthieu 22 : 34 – 46**

« Ary aza manao izay sarotra amin'ny vahiny,  
na mampahory azy ... » *Eksodasy 22.20a*

« Tu ne maltraiteras pas l'étranger  
et tu ne l'opprimeras pas ... » *Exode 22.20a*

**SALAMO 18 (MBP)**

- 1 Hoy izy : Mamiko indrindra lanao, RY TOMPO heriko ô !
- 2 NY TOMPO no harambatoko sy manda fiarovana ho ahy ary Mpamonjy ahy, Andriamanitra, vatolampy ialofako, ampingako ary tandroka famonjena ahy sy fiarovana avo ho ahy.
- 3 Miantso fiderana NY TOMPO aho dia vonjena ho afaka amin'ny fahavaloko.
- 4 Nihodidina tamiko ny famatoran'ny fahafatesana ary nampahatahotra ahy ny riaky ny fahalevonana;
- 5 nihodidina tamiko ny famatoran'ny fitoeran'ny maty ary nisakana ahy ny fandriky ny fahafatesana.
- 6 Fony azom-pahoriana aho dia niantso NY TOMPO; eny, Andriamanitra no nitarainako; nihaino ny feoko tao an-tempoliny izy ary tonga teo an-tsofiny ny fitarainako teo anatrehan'ny.
- 7 Dia nihozongozona sy nihorohoro ny tany ary nihorohoro ny fanambanin'ny tendrombohitra; eny, nihozongozona ireo satria tezitra NY TOMPO.
- 8 Nisy setroka nisavoana teo am-bavorony ary afo mandevona avy teo am-bavany ka nisy vainafo nidedadeda avy aminy.
- 9 Dia naondry ny lanitra ka nidina izy ary haizim-pito no teo ambanin'ny tongony.
- 10 Nitaingina kerobima izy ka nanidina; eny, nanidina haingana tamin'ny elatry ny rivotra izy.
- 11 Nanao ny maizina ho fiereny sy ho tranony manodidina Azy izy, dia rano lalina ngalingaly sy rahona matevina.
- 12 Ary teo amin'ny famirapiratana teo anoloany dia nandalo ny rahony matevina, ny havandra sy ny vainafo koa !
- 13 Dia nampikotroka tany an-danitra NY TOMPO, niloa-peo tamin'ny havandra sy ny vainafo ny Avo Indrindra
- 14 Dia nandefa ny zana-tsipikany izy ka nampiely ny fahavaloko ary nampandeha tselatra be ka nampifanaritaka azy.
- 15 Dia niseho ny masondrano ary afa-tsarona ny fanambanin'ny tany noho ny teny mafy nataonao, TOMPO ô, noho ny fifofofon'ny fofonain'ny vavoronao.
- 16 Nanatsotra ny tanany avy tany ambony izy ka nandray ahy, nanintona ahy niala tamin'ny ranobe izy;
- 17 nanafaka ahy tamin'ny fahavaloko mahery sy tamin'izay nankahala ahy izy satria mahery noho izaho ireny.
- 18 Nisakana ahy ireny tamin'ny andro nahitako loza, nefa NY TOMPO no mpanohana ahy.
- 19 Nitondra ahy ho any amin'ny malalaka izy; nanafaka ahy izy satria tiany aho.
- 20 Nanisy soa ahy araka ny fahamarinako NY TOMPO; araka ny fahadiovan'ny tanako no namaliany ahy;
- 21 fa nitandrina ny lalan'NY TOMPO aho ary tsy mba nanao ratsy hanalavirana an'Andriamanitra.
- 22 Ny fitsipiny rehetra dia teo anatrehako ary ny lalànan'ny dia tsy mba nampialaiko tamiko.
- 23 Tsy nanan-tsiny Taminy aho sady niaro tena tsy ho azon'ny fahotana.
- 24 Koa namaly ahy araka ny fahamarinako NY TOMPO, araka ny fahadiovan'ny tanako teo imasony.
- 25 Amin'ny olona mahatoky no isehoanao fa mahatoky, amin'ny tena olona marina no isehoanao fa marina,
- 26 amin'ny olona madio no isehoanao fa madio ary amin'ny mpiolakolaka kosa no isehoanao fa lalin-tsaina.
- 27 Fa lanao no mamonjy ny olona ory ary ny mason'ny mpianjonanjona kosa dia aetrinao.
- 28 Fa lanao no mampirehitra ny jiroko; NY TOMPO Andriamanitra no mampahazava ny fahamaizinao.
- 29 Fa lanao no ahazoako mihazakazaka hamely ny miaramila iray toko ary Andriamanitra no ahazoako mitsambikina mihoatra ny manda.
- 30 Raha ny amin'Andriamanitra dia tsy manan-tsiny ny lalany; voazaha toetra ny tenin'NY TOMPO; NY TOMPO no ampingan'izay rehetra mialoka Aminy.
- 31 Fa iza no Andriamanitra afa-tsy NY TOMPO ? Iza no Vatolampy afa-tsy Andriamanitsika ?
- 32 Izany Andriamanitra izany no mampisikina hery ahy ka tsy mampanan-tsiny ny alehako.
- 33 Manao ny tongotro ho tahaka ny an'ny dieravavy izy ka mampitoetra ahy eo amin'ny havoana.
- 34 Mampianatra ny tanako hiady izy ka mahay manenjana ny tsipika varahina ny sandriko.

35 Manome ahy ny ampingan'ny famonjenao lanao; ny tananao ankavanana no manohana ahy ary ny fahamoram-panahinao no mahalehibe ahy.

36 Halalahinao ny lalana hodiaviko ka tsy mangovitra ny hatongotro.

37 Manenjika ny fahavaloko aho ka mahatratra azy; tsy miverina aho raha tsy mahalany ritra azy.

38 Mamely mafy azy aho ka tsy afa-mitsangana izy; lavo eo ambanin'ny tongotro izy.

39 Mampisikina ahy hery hoenti-miady lanao, alefitrao ho ambaniko izay mitsangana hamely ahy.

40 Ataonao miamboho ahy ny fahavaloko ka aringako izay mankahala ahy.

41 Mitaraina izy nefa tsy misy mpamonjy. Miantso NY TOMPO izy nefa tsy mamaly azy izy.

42 Torotoroiko madinika tahaka ny vovoka entin'ny rivotra izy; tahaka ny fanary fotaka eny an-dalambe no fanariako azy.

43 Mamonjy ahy amin'ny fifandiran'ny olona lanao ary manandratra ahy ho lehiben'ny firenen-tsamihafa; ny firenena tsy fantatro aza dia manompo ahy.

44 Raha vao mahare ny lazako izy dia manoa ahy; mikoy ahy ny hafa firenena;

45 mihaketraka ny hafa firenena ka miala amin-kovitra avy ao amin'ny fiarovany mafy.

46 Velona NY TOMPO; isaorana anie ny Vatolampiko ! Hasandratra anie Andriamanitry ny famonjena ahy,

47 dia Andriamanitra izay manao famaliana ho ahy ka mampanaiky ahy amin'ny firenena maro.

48 Mamonjy ahy amin'ny fahavaloko lanao ! Eny, manandratra ahy ho ambonin'izay mitsangana hanohitra ahy lanao ary manafaka ahy amin'ny mpampihorohoro.

49 Koa izany no hiderako Anao eny amin'ny firenen-tsamihafa, TOMPO ô, ary hankalazako ny anaranao.

50 Manao famonjena lehibe ho an'ny mpanjaka voatendriny Izy ary mamindra fo amin'ny Voahosony, dia amin'i Davida sy ny taranany mandrakizay.

### PSAUME 18 (S21)

*1 Au chef de chœur. Du serviteur de l'Eternel, de David. Il adressa les paroles de ce chant à l'Eternel après qu'il l'eut délivré de tous ses ennemis et de Saül. Il dit:*

*2 Je t'aime, Eternel, ma force,*

*3 Eternel, mon rocher, ma forteresse, mon libérateur, mon Dieu, mon rocher où je trouve un abri, mon bouclier, la force qui me sauve, mon rempart !*

*4 Loué soit l'Eternel ! Je crie à lui et je suis délivré de mes ennemis.*

*5 Les liens de la mort m'avaient enserré, et les torrents dévastateurs m'avaient épouventé;*

*6 les liens du séjour des morts m'avaient entouré, les pièges de la mort m'avaient surpris.*

*7 Dans ma détresse, j'ai fait appel à l'Eternel, j'ai crié à mon Dieu; de son palais, il a entendu ma voix, mon cri est parvenu à ses oreilles.*

*8 La terre a été ébranlée, elle a tremblé; les fondements des montagnes ont vacillé, ils ont été ébranlés, parce qu'il était irrité.*

*9 Une fumée s'élevait de ses narines, et un feu dévorant sortait de sa bouche, avec des charbons embrasés.*

*10 Il a incliné le ciel et il est descendu, une épaisse nuée sous ses pieds.*

*11 Il était monté sur un chérubin, et il volait, il planait sur les ailes du vent.*

*12 Il faisait des ténèbres sa retraite, sa tente autour de lui: c'étaient des eaux obscures, de sombres nuages.*

*13 Une lumière éclatante le précédait, d'où provenaient ses nuées, de la grêle et des charbons de feu.*

*14 L'Eternel a tonné dans le ciel, le Très-Haut a fait retentir sa voix, avec la grêle et les charbons de feu.*

*15 Il a lancé ses flèches et dispersé mes ennemis, il a multiplié les éclairs et les a mis en déroute.*

*16 Le fond des océans est apparu, les fondements du monde ont été découverts à ta menace, Eternel, au souffle de tes narines.*

*17 Il est intervenu d'en haut, il m'a pris, il m'a retiré des grandes eaux,*

*18 il m'a délivré de mon adversaire puissant, de mes ennemis qui étaient plus forts que moi.*

*19 Ils m'avaient surpris lorsque j'étais dans la détresse, mais l'Eternel a été mon appui.*

*20 Il m'a mis au large, il m'a sauvé, parce qu'il m'aime.*

*21 L'Eternel m'a récompensé de ma justice, il m'a traité conformément à la pureté de mes mains,*

*22 car j'ai suivi les voies de l'Eternel, je n'ai pas été coupable envers mon Dieu.*

*23 Toutes ses règles ont été devant moi et je ne me suis pas écarté de ses prescriptions.*

*24 J'ai été intègre envers lui et je me suis tenu en garde contre mon péché.*

*25 Alors l'Eternel m'a traité conformément à ma justice, à la pureté qu'il a vue sur mes mains.*

*26 Avec celui qui est fidèle tu te montres fidèle, avec l'homme intègre tu agis avec intégrité,*

27 avec celui qui est pur tu te montres pur, et avec l'homme faux tu te montres habile.  
 28 Tu sauves le peuple qui s'humilie, et tu abaisses les regards hautains.  
 29 Oui, tu fais briller ma lumière. L'Eternel, mon Dieu, éclaire mes ténèbres.  
 30 Avec toi je me précipite sur une troupe tout armée, avec mon Dieu je franchis une muraille.  
 31 Les voies de Dieu sont parfaites, la parole de l'Eternel est pure; il est un bouclier pour tous ceux qui se confient en lui.  
 32 Qui est Dieu en dehors de l'Eternel, et qui est un rocher, sinon notre Dieu ?  
 33 C'est Dieu qui me donne de la force et qui me trace une voie droite.  
 34 Il rend mes pieds aussi agiles que ceux des biches, et il me fait tenir debout sur les hauteurs.  
 35 Il exerce mes mains au combat, et mes bras tendent l'arc de bronze.  
 36 Tu me donnes le bouclier de ton salut, ta main droite me soutient, et je deviens grand par ta bonté.  
 37 Tu élargis le chemin sous mes pas, et mes pieds ne trébuchent pas.  
 38 Je poursuis mes ennemis, je les atteins, et je ne reviens pas avant de les avoir exterminés.  
 39 Je les frappe, et ils ne peuvent plus se relever, ils tombent sous mes pieds.  
 40 Tu me donnes de la force pour le combat, tu fais plier sous moi mes adversaires.  
 41 Tu mets mes ennemis en fuite devant moi, et je réduis au silence ceux qui me détestent.  
 42 Ils crient, et personne pour les sauver ! Ils crient à l'Eternel, et il ne leur répond pas !  
 43 Je les réduis en miettes, je les rends pareils à la poussière que le vent emporte, je les balaie comme la boue des rues.  
 44 Tu me délivres des révoltes du peuple, tu me mets à la tête des nations; un peuple que je ne connaissais pas m'est soumis.  
 45 Ils m'obéissent au premier ordre; les étrangers me flattent,  
 46 les étrangers perdent courage, ils sortent en tremblant de leurs forteresses.  
 47 L'Eternel est vivant ! Béni soit mon rocher ! Que l'on dise la grandeur du Dieu de mon salut !  
 48 C'est le Dieu qui m'accorde la vengeance, qui me soumet les peuples,  
 49 qui me délivre de mes ennemis ! Tu m'élèves au-dessus de mes adversaires, tu me sauves de l'homme violent.  
 50 C'est pourquoi je te louerai parmi les nations, Eternel, et je chanterai à la gloire de ton nom.  
 51 Il accorde de grandes délivrances à son roi, il agit avec bonté envers celui qu'il a désigné par onction, envers David et sa descendance, pour toujours.

#### **EKSODOSY 22 : 20 - 26 (MBP)**

20 Ary aza manao izay sarotra amin'ny vahiny, na mampahory azy; fa efa mba vahiny tany amin'ny tany Egypta ihany hianareo.  
 21 Aza mampahory ny mpitondratena sy ny kamboty akory hianareo.  
 22 Fa raha mampahory azy na amin'inona na amin'inona hianao, ka mitaraina amiko izy, dia hihaino ny fitarainany tokoa Aho,  
 23 ka hirehitra ny fahatezerako, ary hamono anareo amin'ny sabatra Aho; dia mba ho mpitondratena ny vadinareo, ary ho kamboty kosa ny zanakareo.  
 24 Raha mampisambo-bola ny oloko izay malahelo eo aminao hianao, dia tsy ho toy ny mpampanàna vola aminy; fa tsy hampandoa zana-bola azy hianao.  
 25 Raha maka ny lamban'ny namanao ho tsatòka hianao, dia hampodinao aminy izany, raha mbola tsy milentika ny masoandro.  
 26 Fa izany ihany no firakofany sady fitafiany amin'ny hodiny, ka inona no ho entiny mandry ? ary raha mitaraina amiko izy, dia hohenoiko, fa mamindra fo Aho.

#### **EXODE 22 : 20 - 26 (S21)**

20 »Tu ne maltraiteras pas l'étranger et tu ne l'opprimeras pas, car vous avez été étrangers en Egypte.  
 21 »Tu ne feras pas de mal à la veuve ni à l'orphelin.  
 22 Si tu leur fais du mal et qu'ils viennent à moi, j'entendrai leurs cris.  
 23 Ma colère s'enflammera et je vous détruirai par l'épée; ce sont vos femmes qui deviendront veuves, et vos enfants orphelins.

24 »Si tu prêtes de l'argent à quelqu'un de mon peuple, au pauvre qui est avec toi, tu ne te comporteras pas envers lui comme un créancier, tu n'exigeras de lui aucun intérêt.

25 »Si tu prends en gage le vêtement de ton prochain, tu le lui rendras avant le coucher du soleil.

26 En effet, c'est sa seule couverture, c'est le vêtement dont il s'enveloppe le corps. Dans quoi coucherait-il ? S'il crie à moi, je l'entendrai, car je suis plein de grâce.

### **1 TESALONIANIA 1 : 5c - 10 (MBP)**

5 ... araka ny ahafantaranareo izay toetry ny fitondrantenanay teo aminareo noho ny aminareo.

6 Ary hianareo efa nanahaka anay sy ny Tompo, satria nandray ny teny tamin'ny fahoriana be mbamin'ny hafaliana avy amin'ny Fanahy Masina

7 ka dia tonga fianarana ho an'ny mino rehetra any Makedonia sy Akaia hianareo.

8 Fa avy taminareo no nanenoan'ny tenin'ny Tompo, tsy tany Makedonia sy Akaia ihany, fa teny tontolo eny no nielezan'ny lazan'ny finoanareo an'Andriamanitra, ka dia tsy misy holazainay intsony.

9 Fa ireny ihany no milaza ny aminay, dia izay fidirana azonay ho aty aminareo sy ny nialanareo tamin'ny sampy hiverenana amin'Andriamanitra mba hanompo an'Andriamanitra velona sy marina,

10 ary mba hiandry ny Zanany avy any an-danitra, izay natsangany tamin'ny maty, dia Jesosy, izay Mpanafaka antsika amin'ny fahatezerana ho avy.

### **1 THESSALONICIENS 1 : 5c - 10 (S21)**

5 ... Vous savez en effet comment nous nous sommes comportés parmi vous à cause de vous.

6 Vous-mêmes, vous êtes devenus nos imitateurs et ceux du Seigneur en accueillant la parole au milieu de grandes difficultés, avec la joie du Saint-Esprit.

7 Ainsi, vous êtes devenus un modèle pour tous les croyants de la Macédoine et de l'Achaïe.

8 En effet, non seulement la parole du Seigneur a retenti depuis chez vous en Macédoine et en Achaïe, mais c'est aussi partout que votre foi en Dieu s'est fait connaître, de sorte que nous n'avons pas besoin d'en parler.

9 De fait, on raconte à notre sujet quel accueil nous avons eu auprès de vous et comment vous vous êtes tournés vers Dieu en abandonnant les idoles pour servir le Dieu vivant et vrai

10 et pour attendre du ciel son Fils qu'il a ressuscité, Jésus, celui qui nous délivre de la colère à venir.

### **MATIO 22 : 34 – 46 (MBP)**

**Ny nanontaniana an'i Jesosy ny amin'izay didy lehibe.**

34 FA ny Fariseo, nony nandre fa nampahasina ny Sadoseo Izy, dia niangona.

35 Ary ny anankiray tamin'ireo, izay mpahay lalàna, nanontany naka fanahy Azy ka nanao hoe : 36 Mpampianatra ô, ny didy manao ahoana moa no lehibe ao amin'ny lalàna ?

37 Dia hoy Jesosy taminy : « Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra » (Deo. 6.5).

38 Izany no didy lehibe sady voalohany.

39 Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao : « Tiava ny namanao tahaka ny tenanao » (Lev. 19.18).

40 Izany didy roa izany no ihantonan'ny lalàna rehetra sy ny mpaminany.

**Ny nanontaniana'i Jesosy ny Fariseo ny amin'izay maha-Zanak'i Davida ny Mesia.**

41 ARY rehefa tafangona ny Fariseo, dia nanontany azy Jesosy ka nanao hoe :

42 Ahoana no hevitrareo ny amin'i Kristy ? Zanak'iza moa Izy ? Hoy izy taminy : Zanak'i Davida.

43 Hoy Jesosy taminy : Koa nahoana ary Davida amin'ny Fanahy no manao Azy hoe « Tompo », ka manao hoe :

44 « Jehovah nilaza tamin'ny Tompoko hoe : Mipetraha eo an-tànako ankavanana Ambara-panaoko ny fahavalonao ho eo ambanin'ny tongotrao » (Sal. 110.1) ?

45 Koa raha Davida ary manao Azy hoe « Tompo », ahoana no maha-zanany Azy ?

46 Dia tsy nisy nahavaly Azy na dia teny iray akory aza; ary hatramin'izay andro izay dia tsy nisy sahy nanontany Azy intsony.

### **MATTHIEU 22 : 34 – 46 (S21)**

34 Les pharisiens apprirent qu'il avait réduit au silence les sadducéens. Ils se rassemblèrent

35 et l'un d'eux, professeur de la loi, lui posa cette question pour le mettre à l'épreuve :

36 « Maître, quel est le plus grand commandement de la loi ? »

37 Jésus lui répondit : « Tu aimeras le Seigneur, ton Dieu, de tout ton cœur, de toute ton âme et de toute ta pensée.

38 C'est le premier commandement et le plus grand.

39 Et voici le deuxième, qui lui est semblable : Tu aimeras ton prochain comme toi-même.

40 De ces deux commandements dépendent toute la loi et les prophètes.»

#### **Reproches de Jésus aux chefs religieux**

41 Comme les pharisiens se trouvaient rassemblés, Jésus les interrogea

42 en ces termes: «Que pensez-vous du Messie ? De qui est-il le fils ? » Ils lui répondirent : « De David. »

43 Et Jésus leur dit : « Comment donc David, animé par l'Esprit, peut-il l'appeler Seigneur lorsqu'il dit :

44 Le Seigneur a dit à mon Seigneur : « Assieds-toi à ma droite jusqu'à ce que j'aie fait de tes ennemis ton marchepied » ?

45 Si donc David l'appelle Seigneur, comment peut-il être son fils ? »

46 Aucun ne put lui répondre un mot. Et, depuis ce jour, personne n'osa plus lui poser de questions.